# 365Tantara

## 35.Eo ambany elatrao.



# 35. Eo ambany elatrao

Mirehitra ny trano fanangonana mololo! Ampian'ny herin'ny famoizam-po, ilay mpiompy dia miady mafy amin'ny afo, izay vao avy niredaka.

Ny fandrian'omby, ny tranon'akoho, ny tranony koa aza dia mety ho tratra ny afo.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa




Ny mpamono afo sy olon-tsotra tonga  ary nanambatra ny heriny

Soa ihany fa voasakana ny afo!



ilay mpiompy niahiahy momba ny bibiny, ka nijery ny manodidina ny toeram-piompiana, fa tsy tratra akory ny biby. Adray! soa ihany!
Fa aiza kosa no nalehan'ilay akoho fotsy sy ny zanany?
Aiza ary no nalehan'ny akoho fotsy sy ny zanany valo?



Adray! Ireto ihany izy! Mitolefika izy, mitsororika ny lohany lasa mena ny volony: maty! Ningain'ilay mpiompy ny elatra tsisy aina: zanak'akoho valo mikiokio no nivoaka avy ao Hazony fa teo anoloan'ny loza, dia nangonin'ilay reny akoho teo ambany  ny elany ny zanany



Afaka nihazakazaka nanalavitra ny lelan' afo izy nefa ny akohokely tsy nanana hery hanaovana izany! Mba hamonjena azy ireo, dia nanary ny ainy izy Manome ny ainy mba hamonjena ny ain'ny hafa,izany no nataon'i Jesosy -Kristy, Zanak'Andriamanitra Mba ialan-tsika amin'ny afon'ny fahatezeran'Andriamanitra dia Izy no niharan'ny fitsarana ny otan-tsika. Nanome ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana Izy,maty teo amin'ny toeran-tsika Izy! dia manome fiainana vaovao, fiainana mandrakizay Izy. Voavonjy mandrakizay! Ny mpino mahafantatra fialofana eo anatrehan'ny loza maro amin'ny fiainana izay antsoin'ny Baiboly hoe « Ny helatr'Andriamanitra Mahery izay antsoin'ny Baiboly hoe « Ny elatr'Andriamanitra Mahery Iza no handà ny fialofana azo antoka izay atolotr'Andriamanitra maimai-poana? « Endrey ny hatsaran'ny famindramponao Andriamanitra ô! Ka mialoka eo amin'ny aloky ny elatrao, ny zanak'olom-belona,hoy ny Salamo 36 andininy faha 8.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa